


ALAHADY faha-4 KAREMY - TAONA D2025



« Ilay ity mandray ny mpanota sy miara-mihinana aminy » (Lk. 15: 2)

Ry Kristianina havana, miroso ny dia ary mihamafy ny ady. Tsy irery anefa isika Mpivahinin'ny Fanantenana araka ny hafatry ny Papa tamin'ny fanombohan'ny Karemy fa miara-dalana sy miara-miady amintsika isika samy isika ary eo indrindra I Jesoa ka mankahery antsika

hatrany. Tandremo diso lalana fa I Jesoa no hany lalana azo itokisana. Ary tandremo sao diso ady atrehina. Ny ratsy no iadiana fa tsy ny olona. Izany no ampahatsiahivan'ireo Tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-4 amin'ny Karemy.

Vakiteny I : Jôs. 5, 9a. 10-12

Tononkira : Sal. 33, 4-5. 6-7

Vakiteny II : 2 Kor. 5, 17-21

Evanjely : Lk. 15, 1-3. 11-32

Izao tokoa no andro tsara sy androm-pahasoavana hibebahantsika ka hanatonantsika an'Andriamanitra, fotoana hiekentsika heloka ka hohavaozin'Andriamanitra ny fo amampalahintsika, ho lasa olom-baovao isika, izany no andrandraintsika amin'ny Paka. Nobanjinintsika izany tamin'ny Alahady lasa teo raha nandinika ny niseho tamin'ny vahoakan'Israely, ireny zava-mitranga ireny, ireny loza ireny tsy hoe Andriamanitra mahatonga azy ireny fa fananarana ho antsika, hanampy antsika hiaiky fa ao amin'Andriamanitra irery ihany no tena hasambarana, Andriamanitra irery no

Ioharanon'Aina. Amin'izao Alahady fahaefatra amin'ny Karemy izao dia manambara fa efa akaiky tokoa ny Paka, I Jesoa nandalo tamin'ny ratsy indrindra dia ny fahafatesana nefà nitsangan-ko velona. Raha miara-maty Aminy amin'ny fahotana isika dia hitsangana hiaraka Aminy. Paka hitondra aim-baovao ka hanova ny fifandraisantsika samy antsika, ny fifandraisantsika amin'ny zava-boahary, ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Ny fanoharana ataon'I Jesoa amintsika amin'ny Evanjely androany, Lk 15 izay tsy misy amin'ny Evanjely hafa fa ao amin'I Lioka irery ihany dia fantatsika tsara ary matetika fintinintsika amin'ny hoe tantaran'ny zaza mpandany. Ny tena lohateny marina anefa dia Andriamanitra tsy lany fitiavana ka manambara fa Andriamanitra Ray be famindram-po, izany no tian' I Kristy ambara amintsika eto. Na manao akory na manao akory ny toetrantsika, Andriamanitra tsy lany famindram-po, izany no Andriamanitsika, Ray be famindram-po. Raha manatona Azy isika dia Izy no mialoha lèlana antsika mandrakariva. Izany no foto-pampianarana tian'ny Eglisy ho tsapantsika amin'izao Alahady faha-4 ny karemy izao.

Na inona ny toetrantsika, na manao ahoana ny toetrantsika dia vonona Andriamanitra handray antsika, handrotsaka ny fahasoavany ho antsika.

Ny evanjely androany dia mampibaribary tsara ny tena toetrantsika olombelona dia ny fandanianiam-poana sy ny avonavona, fiheverana mahavita tena. *"Nisy lehilahy anankiray nanan-janaka mirahalahy, ka hoy ilay zandriny tamin-drainy: "Dada ô, omeo ahy ny anjara fananana tokony ho ahy". Dia nozrainy tamin'izy roa lahy ny fananany. Nony afaka andro vitsivitsy, dia nangonin'ilay zandriny ny fananany rehetra ka lasa nankany an-tany lavitra izy, nandany ny fananany tamin'ny fitondran-tena ratsy. "*

Tsy nitsahatra nandany ny fananany ilay faralahy. Isika olombelona dia tahaka azy koa satria matetika mandany ny fahasoavana omen'Andriamanitra antsika ary lanilanintsika amin'ny zavatra tsy misy antony. Manana ny toetran'ilay zanaka lahimatoa koa isika satria mifanaratsy sy mialona fa tsy mitady izay iombonana. *"Fa hoy ny navaliny an-drainy: "Indro efa ela no nanompoako anao, ary tsy mbola nandika ny didinao iray akory aho, nefà tsy mbola mba nomenao zanak'osy iray akory hifaliako amin'ny sakaizako; fa nony tonga kosa io zanakao io, izay avy nandany ny fanananao tamin'ny vehivavy janga, dia namonoanao zanak'omby matavy izy".*

Mananatra antsika i Kristy amin'izao Alahady izao amin'ny alalan'ity fanoharana ity mba hiova isika satria samy toetrantsika olombelona ny toetran'ilay faralahy mpandany sy toetran'ilay lahimatoa tsy mitsahatra manaratsy ary mihevi-tena ho mahavita tena. Matetika isika mihevitra fa tsara ny ataontsika. Toetrantsika ireo rehetra voalaza ireo. Ireo ny fahotana manapotika ny fiainantsika araky ny voalazan'I Papa François tamin'ny hafatra amin'izao Karemy izao. Noho izany samy mila fibebahana tokoa ka tsara ho tsapantsika izany amin'izao Alahady faha-4 amin'ny karemy izao. Raha tanteratsika ny tena fibebahana marina dia faly mandray antsika tokoa Andriamanitra.

Ambaran'ny vakiteny voalohany ny fisantarana sahady ny Paka, mananatra ny vahoaka I Josoe, ny amin'ny fomba fankalazana ny Paka. Efa niomana sahady toy Izany koa isika na amin'ny litorjia izany, na amin'ny fontsika tsirairay avy. Tena mila fiomanana ny Paka. Ilay ambaran'I Jesoa amin'ny evanjely no lalana mankany amin'ny Paka. Izany hoe isika hiverina amin'Andriamanitra no tsara indrindra. Ilay zaza mpandany dia nandany ny fananany rehetra ka lasa tsizarizary ny fiainany, potika tahaka izany koa isika satria lany ny fahasoavan'Andriamanitra amintsika. Milaza miara-mahita isika fa isaky ny isika mitevy ala ireny, isika manimba ny zava-boaary ireny dia manapotika, mandanindany ny harena amin'ny tsy misy dikany. Ary indrisy samy mahatsapa isika fa ny voka-dratsiny dia ny fiovan'ny toetrandro izay tena mavesatra tokoa. Aoka ho vonona hiady amin'ny ratsy isika fa tsy amin'ny olona, tsy amin'ny tontolo iainana. Aoka isika samy ho vonona hiaro ny tontolo iainantsika, hiezaka hamboly hazo, hitady fomba hanatsarana ny tontolom-piaintantsika.

Tsara ho fantatsika koa ny dikan'ny hoe : “ *kirario ny tongony, asio peratra ny tanany* ”. Mba hiova ny fombantsika ka hiala amin' ireny fomba taloha ireny izay manapotika antsika sy ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, amin'ny tontolom-piaintantsika, amin'Andriamanitra Ray. Marina fa mahavelona ny teo aloha fa mila fomba famokarana bebe kokoa isika, izany ny atao hoe génération de bâtisseurs. Averintsika matetika “harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny besinimaro, tsy misy voahilika”. Raiso ny fampianarana atoron'ireo manam-pahaizana araka ny sokajy misy azy ireo... Ohatra mba hamokatra bebe kokoa na lavanila, na kafe, na jirofo, na vary, raiso ny fampianarana fa izany no maha génération de bâtisseur antsika. Tsy ny fomba no mahavonjy fa ny soa entin'izay fomba izay ka raha tsy mahasoa dia tsy fomba soa intsony ka mila miova.

Havaozy ny tontolo iainantsika, aza manao tahaka ny lahimatea isika ka hifanaratsy sy mihevitra ny mahavita tena samirery fa be famindram-po Andriamanitra, olo araike amintsika.

Aoka isika hampanjaka ny marina, tsy hialona, tsy hifamono amin'izay miova ho tsara ny fiainantsika. Raha te ho génération mpanorina tokoa isika dia aoka ho marina, hifanasoa, hifanatsara, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana. Ireo rehetra no halalinintsika amin'izao Sinaody faha-7 fijanonana fahatelo izao ka mampirisika antsika hirotsaka bebe kokoa. Ampisao ny fomba fiasantsika mahazatra : voir, discerner, juger, agir, célébrer (mijery, misivana, mitsara, mikatroka, mankalaza) mba hahitantsika ny marina ametrahantsika torolalana mazava....

Mananatra antsika koa i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa “ *mihavana re amin'Andriamanitra* ”. Miova ny fiainantsika raha mihana amin'Andriamanitra isika, raha Andriamanitra no ataontsika eo anivon'ny fiainantsika, izany no atao hoe Paka. Raha tiantsika ho Paka tokoa ny fiainantsika, aoka isika hametraka an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika sy ivon'ny fiainantsika.

Mihavana re amin'Andriamanitra fa izao no androm-pahasoavana. Aoka isika hihavana amin'Andriamanitra ka ho zary zava-boahary vaovao ao amin'Andriamanitra, miova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boahary, miova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, olon'Andriamanitra isika araky ny voalazan'i I Md Paoly hoe : "mpandrahaharan'Andriamanitra izahay ka manao antso avo amintsika mba hihavana amin'Andriamanitra".

Ry Jesoa Tompo ô, izao tokoa ny androm-pahasoavana, nampibaribarinao fa Ray manankarena amin'ny famindrampo Andriamanitra. Izahay no mandanilany ny fahasoavana fa Izy tsy lany famindram-po, miandry anay Izy, mialoha lalana anay. Enga anie hananaraotra izao fotoana izao izahay hanatona anao bebe kokoa ka hihavao tokoa ao aminao.

Ry Jesoa Tompo, lanao no mampahafantatra anay fa lalina tokoa ny fanehoan'Andriamanitra ny famindram-pony ka ampio izahay hatoky ny fitiavany sy ny famindram-pony ka tsy hisalasala hanatona ny sakramentan'ny fampihavanana mba hihavao ny fiainanay ka hahatonga anay ho Eglizy Olona Velona sy Eglizy Tranon'Andriamanitra hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny, ka hitondra fiainam-baovao, ho Paka feno fiadanana ho anay izao Paka omaninay izao. Masina Maria Reny miara-dalana aminao izahay amin'izao karemy izao ka mivavahà ho anay mba ho Mpivahinin'ny Fanantenana tokoa izahay hamafy hafaliana sy fiadanana ary fihavanana sady Kristianina no Malagasy. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy erantany niatrika ady mafy ianao na dia tsy be teny aza. Ampianaro izahay hiady amin'ny ratsy fa tsy hiady amin'ny olona. Hiara-hibebaka amin'izao Paka izao ka hiara-paly tahaka ny fanoharana ao amin'ny Evanjely. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson